# NY SAMPAN-DRAHARAHA TEKNIKA MISAHANA NY RANO-FANADIOVANA SY FIDIOVANA

## 1- FAMARITANA NY STEAH(Service Technique en Eau Assainissement et Hygiene)

Ny STEAH dia sampandraharaha teknika iray eo anivon'ny kaominina misahana ireo andraikitrin'ny Kaomina eo amin'ny sehatrin'ny RFF.

Ny ACEAH (Agent Communal de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène) no maso sy sofin'ny ekipan'ny Ben'ny tanàna ary mpanelanelana ny mpahazo tombontsoa, ny mpitantana ary ny kaominina.

## **EAH (Eau Assainissement et Hygiene) na WASH**(**WA**ter **S**anitation and **H**ygien)

- **Rano**:rano fisotro madio
- **Fanadiovana**: foto-drafitr'asa fidiovana toy kabone,dosy,trano fidiovana.fanaria-pako,lakan-drano fanariana rano maloto,…
- **Fidiovana**:fahazarana sy fihetsika toy ny fanasana tanana @ rano sy savony,fahadiovana mandritra ny fadim-bolana,fahadiovan'ny vatana,sakafo,trano fonenana,tontolo manodidina

# ARAKA NY LALANA

- Araka ny voafaritry ny lalana mifehy ny rano ao amin'ny andininy faha 26 (Decret 2003-193): , ny tompon'ny taozavatra na ny kaominina dia tokony hametraka sampan-draharaha misahana ny rano ny fanadiovana ary ny fidiovana :

# 2. Nahoana no ilaina apetraka ny STEAH?

- And 41 ny làlana mifehy ny rano: Ny Kaominina…tompon'ny taozavatra…tompon'andraikitra amin'ny loharanon-karena Rano ao amin'ny fari-piadidiany
- Tsapa fa marefo ny fitazoman'ny Kaominina izany andraikitra maha-tompon'ny taozavatra azy izany
- Mampihatra ny politikan'ny Kaominina hoan'ny fampandrosoana ny sehatry ny rano, fidiovana sy fanadiovana
- Ny fametrahana ny Kaominina STEAH dia miantoka ny fampaharetana ny fotodrafitrasa misy ao aminy
- Mason-tsivana iray ahazahoan'ny commune ny habilitation ny fametrahana ny sampan-draharaha misahana manokana ny RFF

# 3.Ny asa tokony ataon'ny STEAH mba hisy famatsiana rano fisotro maharitra ho an'ny daholobe

- Ny asa fiarovana ny sahandriaka sy ny point de captage
- Ny famaritana ireo fotodrafitrasa famatsiana rano fisotro madio misy na azo atao eo anivon'ny kaominina
- Fanarahamaso ny fandehanan' y rano eo amin'ny point de captage (AEPG)
- Fanarahamaso ny siniben-drano (AEPG, AEPP)
- Fanarahamaso ny fantsona mitondra ny rano (AEPG, AEPP)
- Fanarahamaso ny eny amin'ny paompy isan-tokatrano na iombonana (AEPG, AEPP)
- Fanarahamaso ny fandehan'ny rano amin'ny lavadrano iombonana misy paompy (PPMH,FPMH)
- Fanarahamaso ny paompy fampiakarana ny rano amin'ireo système AEPP
- Fiantohana ny kalitaon'ny rano
- Fanombanana ny fahafaham-pon'ny tokantrano mampiasa rano
- Manao tatitra mahakasika ny tolotra ranofisotro madio

## IREO SEHATRA EFATRA TOKONY HO FEHEZIN'NY STEAH MAHAKASIKA NY FAHADIOVANA

- Fitantanana ny fako
- *(Gestion des déchets solides)*
- Fifehezana ny tay
- *(Gestion des excrétas)*
- Fifehezana ny rano maloto
- *(Gestion des eaux usées)*
- Fifehezana ny ranon'orana
- *(Gestion des eaux pluviales)*

# Asa Fitandrovana ny fahasalaman'ny daholobe anaty tontolo iainana madio noho ny fifehezana ny tay

Zavakendrena

Mponina miaina ara-pahasalamana


Afaka mifehy ny tanana ho modely ara-pahadiovana

Manafoana ny fangerena ankalamanjana

Manaramaso ny fenitra fikirakirana ny boue de vidange

Votoatiny

**Lavapiringa manara-penitra**



## Asa Fitandrovana ny fahasalaman'ny daholobe anaty tontolo iainana madio noho ny fifehezana ny tay

| Zavakendrena | Votoatiny |
| --- | --- |
| Mponina miaina ara-pahasalamana | **Lavapiringa iraisana**<br>➢ **Bloc sanitaire Bsan**<br>➢ **Latrine Institutionnelle**<br>➢ **Latrine Publique** |
| Afaka mifehy ny tanana ho modely ara-pahadiovana | |
| Manafoana ny fangerena ankalamanjana | |
| Manaramaso ny fenitra fikirakirana ny boue de vidange | |



# Asa Fitandrovana ny fahasalaman'ny daholobe anaty tontolo iainana madio noho ny fifehezana ny tay

Zavakendrena

Mponina miaina ara-pahasalamana

Afaka mifehy ny tanana ho modely ara-pahadiovana

Manafoana ny fangerena ankalamanjana

Manaramaso ny fenitra fikirakirana ny boue de vidange

Votoatiny

**Manentana ny daholobe hanafoana ny fangerena ankalamanjana**





## ASA FITANDROVANA NY FAHASALAMAN'NY DAHOLOBE ANATY TONTOLO IAINANA MADIO NOHO NY FIFEHEZANA NY TAY

| Zavakendrena | Votoatiny |
| --- | --- |
| Mponina miaina ara-pahasalamana | Lavapiringa manara-penitra |
| Afaka mifehy ny tanana ho modely ara-pahadiovana | **Manentana ny mponina @ fahadiovana ary mitazona ny tanana tsy hiverina amin'ny fangerena ankalamanjana** |
| Manafoana ny fangerena ankalamanjana | |
| Manaramaso ny fenitra fikirakirana ny boue de vidange | |

# Asa Fifehezana ny rano maloto sy ny ranon'orana


Zavakendrena

Afaka manara-maso ny fikirakirana ny rano avy nampiasaina eny anivon'ny tokatrano

Afaka manaramaso ireo fotodrafitrasa fanariana rano maloto

Votoatiny

**Voafehy ve ny rano avy nampiasaina avy any antokatrano (nanasana vilia, nanasana lamba, avy amin'ny lavapiringa)**



MINISITERAN'NY RANO, NY FAHADIOVANA SY NY FIDIOVANA

# Asa Fifehezana ny rano maloto sy ny ranon'orana

| Zavakendrena | Votoatiny |
|---|---|
| Afaka manara-maso ny fikirakirana ny rano avy nampiasaina eny anivon'ny tokatrano | Voafehy ve ny rano avy nampiasaina avy any antokatrano (nanasana vilia, nanasana lamba, avy amin'ny lavapiringa) |
| Afaka manaramaso ireo fotodrafitrasa fanariana rano maloto | **Voafehy ve ireo fotodrafitrasa fanariana rano maloto sy ny ranon'orana** |



## NY STEAH NO MIANDRAIKITRA NY FANARAHA-MASO NY FANADIOVANA EO AMIN'NY COMMUNE

- Tompon'andraikitra voalohany amin'ny mpisehatra rehetra @ fahadiovana
- Mandrindra ny asa rehetra mifanaraka amin'ny paik'ady fahadiovana
- Mitarika ireo vondron'olona ifotony
- Mpanentana mahomby

# 3. OLONA METY HO ATEAH

- Olona maharitra ao amin'ny Kaominina
- Olona manana diplaoma BEPC/BACC na mihoatra
- Olona efa zatra mandresy lahatra sy zatra mifanerasera amin'ny karazana olona maro
- Olona efa zatra mampivory olona maro ary zatra mampiofana olona
- Olona liana sy mazoto amin'ny resaka fampandrosoana
- Olona afaka manao tatitra an-tsoratra sy am-bava
- Olona mahafantatra mikasika ny rano fisotro madio sy fidiovana ary ny fahadiovana
- Olona vonona hiara hiasa @ tompon'andraikitry ny Kaominina sy handeha hiasa manerana ny kaominina


# 4. Ny iraka iandraiketany

- Tompon'andraikitra amin'ny fampiroboroboana ny asa rehetra mahakasika ny fampandrosoana ny sehatry ny EAH
- Miantoka ny fisitrahana maharitra ny rano fisotro madio, fidiovana ary fanadiovana
- Miantoka ny fampaharetana ny fotodrafitrasa napetraka sy ny asa rehetra miodidina amin'izany
- Manao ny fanjohina, manara-maso, miaro ary mifanakalo hevitra/antontan-kevitra/antontan'isa

# 5.Ny asa miandry azy…

- **Mandray anjara feno amin'ny famolavolana drafi-pampandrosoana ny sehatry ny EAH**
- **Mandray anjara amin'ny famolavolana tetik'asa (APS/APD)**
- **Mandray anjara amin'ny fikarakarana ny antso tolo-bidy**
- **Manara-maso amin'ny fanatanterahana ny asa (chantier)**
- **Mitarika ny famolavolana ny rafitra mpitantana ny fotodrafitrasa sy manome fanofanana ho azy ireo**
- **Mampahafantatra, manentana ny olona**
- **Manome tohana ara-teknika sy ara-kevitra ny mpitantana ny fotodrafitrasa**
- **Miantoka ny fanjohina ny fitantanana ny fotodrafitrasa (ara-teknika sy ara-bola)**
- **Miantoka ny fanjohina ny fampiarana ny politika a communale**
- **Mandray anjara amin'ny fitadiavana famatsiam-bola sy ny fitadiavana fiaraha-miasa hoan'ny fanatanterahana ny tetik'asa fampiroboroboana ny sehatry ny EAH**
- **Mamolavola ny rapports d'activité**

## 6. NY RAFIM-PITANTANANA HAMPORISIHAN'NY MINISTERA



# Fametrahana ny STEAH

- Ny Fametrahana ny STEAH dia mandalo dingana toy izao:




- Ny ATEAH  eo anivon'ny Kaominina dia hiarahana  mametraka miaraka amin'ny:
  - Kaominina
  -Tale-paritry ny Rano sy ny Fanadiovana ary ny Fidiovana
  - Tetik'asa (raha misy)

# MBA HAMPAHOMBY NY FANARAHAMASO NY SEHATRA RFF DIA ILAINA NY MANAO TATITRA MAHAKASIKA IREO ANTONTAN'ISA

# HATAO INONA MOA IZANY?

- Hanamora ny fanatanterahana ny asa eo amin'ny sehatry ny RFF
- Mba ho Kaominina vonona hiara-miasa
- Hanaporofoana ny fahaiza-manao an'ireo ATEAH nomena fiofanana
- Manamora ny fandrafetana ny drafitr'asa

## ANTONTAN-KEVITRA TOKONY HO HITA ANATY TATITRA

**Rano**:

- Mahakasika ny ankapoben'ny mponina
- Ireo karazana tahirin-drano misy
- Karazana famatsian-drano misy sy azo atao any an-toerana
- Karazana fitantanana misy
- Olana sedraina amin'ny famatsian-drano (ara-teknika, ara-pitantanana)
- Mpiara-miombon'antoka eo antoerana
- Ny fitantanana ny sahandriaka

## ANTONTAN-KEVITRA TOKONY HO HITA ANATY TATITRA

**Fanadiovana :**

- Antontan'isa ankapobeany mahakasika ny mponina
- Ny momba ireo kabone iombonana
- Ny filàna eo amin'ny fanadiovana
- Rafitra fitantanana ny fako misy eny an-toerana
- Fifehezana ny rano maloto sy ny ranon'orana.